BIBLE
316

# Inona ny Baiboly?

**Inona ny Baiboly?** Ny Baiboly dia Andriamanitra miteny aminao. Tsy hoe momba an'Andriamanitra fotsiny izy. Avy amin'Andriamanitra izy. Mihoatra noho ny manentana izy. Avy amin'ny tsindrimandry izy (avy amin'Andriamanitra). Vakio izy. Henoy izy. Mieritrereta azy. Mianara aminy. Ampiharo eo amin'ny fiainanao izy. Ny Apostoly Petera dia nanoratra hoe *"fa tahaka ny zaza vao teraka dia maniria ny rononom-panahy tsy misy fitaka, mba hitomboanareo amin'izany ho amin'ny famonjena,"* 1 Petera 2:2.

**Inona no mampiavaka ny Baiboly?** Ireo boky 66 mandrafitra azy dia nosoratan'ny olona 40 mahery, tamin'ny fiteny 3 (Hebreo, Arameana ary Grika), tao anatin'ny 1,600 taona eo ho eo, ary foto-kevitra iraisana iray no nosoratana nandritra ny taonjato maro. Ny Testamenta Vaovao dia voamarina amin'ny sora-tanana tranainy feno na ampahany mihoatra ny 5,000 isa. Ny fahamarinan'ny Baiboly dia voaporofo amin'ny faminaniany tanteraka, amin'ny alalan'ireo fikarohana arkeolojika maoderina, amin'ny fahamarinana ara-jeografika, ary amin'ireo fahendrena tsy lany andro ao amin'ny Ohabolana. Ny Baiboly no boky nosoratana manan-danja sy manana hery mahataona indrindra. Tsy nisy boky hafa natao printy, nozaraina maneran-tany, nadika tamin'ny fiteny maro samihafa, nanova tamin-kery fiainan'olona maro, ary naharitra nandritra ny taonjato maro tahaka ny Baiboly. Ny Baiboly no hany fahefana faratampony amin'izay tokony hinoantsika sy fomba hiainantsika. Ny Baiboly dia mijoro irery ambony lavitra noho ny boky rehetra.

**Inona ireo toetoetry ny Baiboly?**

Avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra. *"Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra,"* 2 Timoty 3:16.

Marina ny Baiboly. Jesosy dia nivavaka hoe, *"Manamasìna azy amin'ny fahamarinana; ny teninao no fahamarinana,"* Jaona 17:17.

Ny Baiboly dia tsy misy diso na amin'ny antsipirihany farany izay kely indrindra aza. Hoy Jesosy, *"Fa lazaiko aminareo marina tokoa: Mandra-pahafoan'ny lanitra sy ny tany, dia tsy hisy ho foana akory amin'ny lalàna, na dia litera iray na tendron-tsoratra iray aza, mandra-pahatanterak'izy rehetra"* Matio 5:18. Notazomina ny fahamarinan'ny sora-tanana tany am-boalohany mba ho marina mihoatra ny 99% ireo dikanteny tsara indrindra amin'izao fotoana izao.

Ny baiboly dia madio. *"Ny tenin'i Jehovah dia teny madio, Tahaka ny volafotsy voarendrika tao anatin'ny memy ka mitsoriaka amin'ny tany–eny, voadio impito"* Salamo 12:6.

Ny Baiboly dia mandrakizay. *"Maina ny ahitra, malazo ny voniny; Fa ny tenin'Andriamanitsika dia haharitra mandrakizay"* Isaia 40:8. Tena mbola ilaina ny Baiboly ankehitriny, tahaka ny tamin'ny nanoratana azy tamin'ny voalohany.

Ny Baiboly dia mahery. Hebreo 4:12, *"Fa velona sy mahery ny tenin'Andriamanitra ka maranitra noho ny sabatra roa lela, ka manindrona hatramin'ny fampisarahana ny aina sy ny fanahy ary ny tonona sy ny tsoka, ka mahay mamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo."*

**Inona no soa azo manokana avy amin'ny Baiboly?**

Mampitao antsika ny Baiboly. *"Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra,"* 2 Timoty 3:16-17.

Manampy antsika tsy hanota ny Baiboly. Ny Salamo 119:9, 11 dia milaza amintsika hoe ahoana no mahatonga izany. *"Inona no hiarovan'ny zatovo ny làlan-kalehany tsy ho voaloto? Ny fitandremana araka ny teninao."* Ary koa *"Ato am-poko no iraketako ny teninao,Mba tsy hanotako aminao."*

Manome tari-dalana antsika ho an'ny anio ny Baiboly (ny dingana manaraka tokony ataontsika) ary fitarihana ho amin'ny ho avy (ny lalana tokony harahina). *"Fanilon'ny tongotro Sy fanazavana ny làlako ny teninao,"* Salamo 119:105.

Manome fahendrena ny Baiboly. *"Mahazava ny famoahana ny hevitry ny teninao ka manome fahalalana ho an'ny kely saina,"* Salamo 119:130. Ireo fahendrena tsy mety lany andro dia hita ao amin'ny bokin'ny Ohabolana ao amin'ny Testamenta taloha.

Manampy antsika amin'ny zava-tsarotra ny Baiboly. Ny Salamo 119:50 dia mampahery antsika hoe, *"Izao no mampionona ahy amin'ny fahoriako; ny teninao no mamelona ahy."*

Manome fanantenana ny Baiboly. *"Fa izay rehetra voasoratra fahiny dia nosoratana ho fianarantsika hananantsika ny fanantenana amin'ny faharetana sy ny fiononana avy amin'ny Soratra Masina"* Romana 15:4.

Manome fiadanana ny Baiboly. Ny Salamo 119:165 dia mampanantena fa, *"Be fiadanana izay tia ny lalànao, ary tsy misy mahatafintohina azy."*

Mitondra fifaliana ny Baiboly. Jeremia 15:16 dia manome ohatra amin'izany, *"Hitako ny teninao ka nohaniko, ary ny teninao no fifaliako sy firavoravoan'ny foko; fa nantsoina tamin'ny anaranao aho."*

**Ahoana no fomba hamakiana na hiainoana ny Baiboly?** Mandiniha andininy mihoatra ny iray. Diniho ireo zava-kendrena efatra ao amin'ny *"Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana,"* 2 Timoty 3:16. Rehefa mamaky na mihaino ianao dia mametraha ireto fanontaniana efatra ireto. Inona no ampianarin'izany ahy? Ahoana ny fomba ananaran'izany ahy? Inona no fanitsiana tokony hataoko? Ahoana no hitaizan'izany ahy ho marina kokoa?

**Ahoana raha tsy manana Baiboly aho?** Ataovy izay rehetra azo atao hividianana Baiboly amin'ny dikanteny tsara. Raha tsy afaka mividy ianao dia misy azo vakiana sy henoina maimaimpoana amin'ny aterineto. Eritrereto ny hividy Baiboly miaraka amina namana iray na maromaro ary mizara izany. Na angataho ny fiangonanao na ireo mpino namanao mba hamaky Baiboly amin'ireo antokon'olona ary mihainoa tsara. *"kanefa mainka sambatra aza ny mihaino ny tenin'Andriamanitra ka mitandrina izany."* Lioka 11:28.

**Inona ireo andinin-tSoratra Masina manokana ho an'ireo mpampianatra Baiboly sy mpitarika?** Aoka ho mpianatr'I Jesosy mitoetra (mivelona) ao amin'ny Teny. "Dia hoy Jesosy tamin'ny Jiosy izay nino Azy, *'Raha maharitra amin'ny teniko hianareo, dia ho mpianatro tokoa,'"* Jaona 8:31. Mianara ny Baiboly mba ho olona voazaha toetra. *"Mazotoa manolotra ny tenanao amin'Andriamanitra ho olona voazaha toetra, dia mpiasa tsy mahazo henatra, mizara tsara ny teny fahamarinana"* 2 Timoty 2:15.

**Nahoana ny Baiboly no zava-dehibe mandrakizay?** Ny Apostoly Jaona dia manazava ny antony nanoratany ny Filazantsarany. Io antony io dia azo ampiharina amin'ny Baiboly iray manontolo. "*Ary nisy famantarana maro hafa koa nataon'i Jesosy teo imason'ny mpianatra, izay tsy voasoratra amin'ity boky ity; fa voasoratra izao, mba hinoanareo fa Jesosy no Kristy, Zanak'Andriamanitra; ary mba hananananareo fiainana amin'ny anarany, raha mino hianareo ,"* Jaona 20:30-31. Ahoana no fomba hinoanao an'I Jesosy sy hanananao fiainana mandrakizay? Tsidiho ny www.Gospel316.org.

**"Maina ny ahitra, malazo ny voniny; Fa ny tenin'Andriamanitsika dia haharitra mandrakizay." Isaia 40:8**

*Inona ny Baiboly?* © 2025 by John D. Morris III dia navoakan'ny Acts One Eight. Azonao atao ny manonta malalaka, mandika, mandefa, mailaka, na mandefa hafatra miaraka amin'ny atiny tsy miova miaraka amin'ity fanambarana feno ity. Azonao atao ny manampy ny anaran'ny asa fanompoana na ny fiangonanao na ny logo eo an-tampon'ny pejy voalohany ary ampio ny mombamomba anao eo ambonin'ny tsipika mivaingana eo akaikin'ny faran'ny pejy faharoa. Bible316 dia miorina amin'ny Baiboly irery ihany. Ny tanjony dia ny mba hanampiana ny olona ho tonga amin'ny finoana an'i Jesosy Kristy ary avy eo hitombo ho mpianany. Azonao atao ny mandefa mailaka amin'ny Acts One Eight (amin'ny teny anglisy raha azo atao) amin'ny: Hello@Mail316.org. Ny fandikanteny ho an'ny fiteny tsy anglisy dia nataon'ny www.ChristianLingua.com. Inona ny Baiboly? dia misy amin'ny fiteny 48 maimaim-poana ao amin'ny www.Bible316.org. Ireo Tenin'Andriamanitra amin'ny fiteny Anglisy dia avy amin'ny The Lockman Foundation's New American Standard Bible 1995. Ny Tenin'Andriamanitra amin'ity fandikanteny ity dia avy amin'ny Baiboly Protestanta Malagasy.